VOLY RAKOTRA

## Afovoany andrefana

# Fampivadiam-boly katsaka sy amberivatry ary voanemba



- Hanatsarana sy hampitombo ny vokatra
- Hahazoana vokatra isan-karazany amin’ny tanimboly iray
- Hiarovana sy hanatsarana ny tsiron’ny tany
- Hiadiana amin’ny ahidratsy sy ny arema (striga)

# Ny antony hampivadiana ny voly katsaka sy amberivatry ary voanemba

## Fomba mahazatra




## Olana




## Vahaolana




## Tombotsoa mety ho azo

- **Mitombo ny vokatra azo**
- **Mandrakotra sy miaro amin'ny fikaohan'ny riaka ny tany**
- **Mamokatra karazam-boly hiatrehana ny fiovaovan'ny toetr'andro**
- Mamokatra rakotra legiominezy manatsara ny tsiron'ny tany sady mitondra azota
- Mamokatra amberivatry, manana vahatra mantanjaka, mamaky andrin-tany, maniry sy mandrakotra mandritra ny main-tany
- Mamokatra voly fihinana isan-taona
- Mamboly maharitra amin'ny toerana iray

## Ireo voly ampiarahana

**Katsaka :** mailaka na zanatany mamokatra


sy

**Voanemba :** SPLF2, SPLM Morondava, CNC 870-7E, na zanatany mandady

sy

**Amberivatry =** ***Cajanus cajan***

## Elanelan'ny voly






# Fampivadiana ny voly katsaka sy amberivatry ary voanemba

**Tanjona :** Mamboly ny amberivatry sy ny voanemba anelanelan'ny katsaka mba ahazoana vokatra sy rakotra

## Ny atao

Volena mialoha araka izay azo atao, sy miaraka, farafahatarany 15 desambra

**Fatra isaky ny 10 ara (indray manaraina)**

Katsaka 2,5 – 3 kg **:** masomboly 2 isan-davaka, 2 – 3 sm ny halaliny

Voanemba 2,5 – 3 kg **:** masomboly 2 isan-davaka, 2 – 3 sm ny halaliny

Amberivatry 4 – 5 kg : masomboly 2 isan-davaka, 2 – 3 sm ny halaliny

**Fandonahana 10 ara (indray manaraina)**

Fitondrana zezika isan-davakin'ny katsaka :

- eo ampambolena : zezi-pahitra na komposta 500 kg, sy NPK (11.22.16) 8 - 15 kg
- 25 andro ao aorinan'ny fambolena : urée 5 - 8 kg

**Fiotazana**

Otazana ny katsaka, ny voanemba sy ny amberivatry rehefa matoy

Tsara kokoa raha averina eo an-tanimboly ny sisam-bokatra

## Fitandremana sy fetra

Fidio ny tany tsara, tsy misy andrin-tany, tsy mifatratra, tsy miangon-drano, tsy misy arema be loatra

Ilaina ny fiarovana ny masomboly amin'ny bibikely sy aretina (ohatra insector 4 g na gaucho 2,5 g, isaky ny katsaka 1 kg, Thirame 4 g isaky ny voanemba 1 kg)



Tsara ny mampiasa zezi-pahitra na komposta, ampiana zezika simika miankina amin'ny fahafahana

Fafazana fanafody ny voanemba sy amberivatry, alohan'ny fotoana famelanana raha tiana ny ahazo voa sy rakotra (toy ny cypermethrine 25 ml/10 ara)

Tsy tokony hiraofan'ny omby ny tanimboly

## Fanomanana ny rakotra ho an'ny voly manaraka

Tombohana ifotony amin'ny angady ny amberivatry ary adaboka ny taho-katsaka, tapa-bolana alohan'ny fotoam-pambolena manaraka

Volena ao anaty sisam-bokatra avy eo ny voly manaraka : vary, katsaka, apemba…, miaraka amin'ny voly fanao rakotra (voanemba, antaka, tsiasisa, mucuna,…)

Tsy alavo avy hatrany ny taho-katsaka avy niotazana mba tsy ho potiky ny aboaly (termites)

Mora levona ny legiominezy, ka mety hirongatra ny ahidratsy, izay tsy maintsy fehezina : kapaina na mampiasa fanafody famonoana ahitra

# Diarim-pambolena

| |
|---|
| Novambra |
| Desambra |
| Janoary |
| Febroary |
| Martsa |
| Aprily |
| May |
| Jona |
| Jolay |
| Aogositra |
| Septambra |
| Oktobra |

Mamboly katsaka + voanemba + amberivatry

Maniry ny voly

Manomboka mioty ny voly

Mitohy maniry ny amberivatry

Tombohana ny sisam-bokatra hanomanana ny fambolena manaraka

